# Manolotra ny fanasana mba hatao batisa sy horaisina ho mpikambana

## Filalaovana an-tsehatra 2—Mampianatra ny fotopampianaran'i Kristy

**Mpitantara:** Vao sambany i Isaac no mihaona amin'ireo misiônera. Manana fanontaniana maro momba ny tanjon'ny fiainana sy ny fomba hahitana fahasambarana bebe kokoa izy. Nampianatra an'i Isaac momba ny drafitry ny famonjen'ny Ray any An-danitra ireo misiônera. Nandritra ny lesona dia nahatsapa fitarihana ny hanasa an'i Isaac mba hatao batisa i Elder Browning sy Elder Singh.

**Elder Browning:** Isaac a, te hiresaka momba ny lalana hiverenana any amin'ny Raintsika any An-danitra izahay. Tiany isika hiverina hiaina any Aminy, ary i Jesoa Kristy no hahafahana manao izany.

**Elder Singh:** Manomboka mandeha eo amin'ny lalana miverina any amin' Andriamanitra isika amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesoa Kristy. Rehefa manam-pinoana an'i Jesoa Kristy isika dia te hanova ho azy ny fiainantsika sy hitovy kokoa Aminy. Mankatò ny fampianarany isika ary mibebaka rehefa manota. Mitarika antsika amin'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana ny finoana sy ny fibebahana. Azonao lazaina aminay ve ny zavatra fantatrao momba ny batisa?

**Isaac:** Nahita batisa iray na roa tany amina fiangonana samy hafa aho, saingy tsy fantatro loatra ankoatra izay. Raha ny hevitro dia zavatra mahakasika ny fahotana ilay izy.

**Elder Browning:** Tena marina. Ny batisa no dingana voalohany amin'ny famatorana ny tenantsika amin' Andriamanitra mba hahafahan'ny Fanahy Masina manadio sy mampatanjaka ary manova ny toetrantsika mba ho lasa tsara kokoa. Fomba ihany koa hanehoantsika ny fanolorantenantsika amin' Andriamanitra izany. Rehefa atao batisa isika dia manao fanekempihavanana, na fifanarahana, Aminy fa hanompo Azy sy hitandrina ny didiny isika. Rehefa manao izany isika dia manao fanekempihavanana Andriamanitra ny handrotsaka ny Fanahiny amintsika sy hamela ny fahotantsika.

**Elder Singh:** Mampanantena ihany koa isika fa rehefa atao batisa dia vonona ny hitondra eo amintsika ny anaran'i Jesoa Kristy sy hitandrina ny didin' Andriamanitra, hanompo an' Andriamanitra sy ny hafa, ary haharitra hatramin'ny farany. Midika izany fa ny batisa dia fanombohana vaovao ho an'ny fiainantsika. Mbola hanana olana sy hanao fahadisoana foana ihany isika, mazava ho azy. Saingy tsy hitsahatra hiezaka hitandrina ny fampanantenana nataontsika sy hiantehitra amin'i Jesoa Kristy mandritra ny fiainantsika manontolo isika.

**Elder Browning:** Ry Isaac, vonona ve ianao ny hanaraka ny ohatra nasehon'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'ny fanaovana batisa izay tanterahin'ny olona iray voatendry hanatanteraka izany ôrdônansy izany? Hanampy anao hiomana ho amin'ny batisa izahay. Mino izahay fa afaka ny ho vonona ianao amin'ny 29 jolay. Vonona ve ianao hiomana hatao batisa amin'io daty io?"

**Isaac:** Eny. Mahita aho ary mahatsapa fa izay no zavatra tokony hataoko.

**Elder Singh:** Isaac, tena mampientanentana anay ery ny hahazoanao ireo fitahiana izay ho azonao noho ny fandraisanao izany safidy izany. Hitondra fiadanana sy hery lehibe eo amin'ny fiainanao ny fanaovana batisa. Manana zavatra maro hampianarina anao izahay izay hanampy anao hiomana ho amin'ny batisa.

NY FIANGONAN' I JESOA KRISTY HO AN' NY OLOMASIN' NY ANDRO FARANY

© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80025866_654_015